NY LISITRY NY KANDIDA

Ny lisitra ofisialin'ny kandidà miaraka amin'ny endrika mampiavaka azy tsirairay dia:

- Voarafitra sy avoaka ao amin'ny gazety ofisialin' ny Repoblika farafahatarany ny alahady 26 aogositra 2018.
- Ampahafantarina ny mpifidy tamin'ny fomba rehetra, anisan'izany ny haino aman-jery.

NY AKO'NY FAMOAHANA NY LISITRY NY KANDIDA

- fanomezan-dalàna manokana tsy hiasa ho an'ny kandidà miasa amin'ny Fanjakana na Vondrombahoaka tsinjaram-pahefana izay tsy manana andraikitra ambony na manana toerana sivily sy miaramila ambony ao amin'ny fanjakana
- fametraham-pialan'ny kandidà amin'ny asany raha manana andraikitra avo sy ny toerana sivily sy miaramila ambony an'ny Fanjakana izy.

FITAKIANA AZO ATAO

Alohan'ny daty farany azo andraisana ny antontan-taratasy fametrahana ny filatsahan-kofidiana

Fanentanana ny voakasik'izany mba hametraka ny antontan-taratasy faran'izay haingana mba ahafahan'izy ireo mameno na manitsy izany raha tsy ampy na misy diso.

Aorian'ny daty farany azo andraisana ny antontan-taratasy fametrahana ny filatsahan-kofidiana

Tsy misy antontan-taratasy na fanitsiana na famenoana azo ekena na raisina intsony.

Aorian'ny fivoahan'ny lisitry ny kandidà

Fanesorana tsy ho anaty lisitra:

- ny kandidà manana andraikitra avo sy ny toerana sivily sy miaramila ambony an'ny Fanjakana izay tsy nametra-pialana tamin'ny asany ;
- ny kandidà izay nanao fanambaràna ampahibemaso manaratsy ny fitantanan-draharaha mahakasika ny fifidianana na ny Fitsaràna na mikendry ny hanao tsindry bokotra amin'ireo voatonona ireo.

Ny olona afaka manao ny fitakiana

Ny mpifidy voasoratra anaty lisi-pifidianana.

BP 835 Ambohidahy, Antananarivo 101

FITSARANA AVO MOMBA NY LALÀMPANORENANA
HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

FILATSAHANA HO KANDIDA AMIN'NY FIFIDIANANA HO FILOHAN'NY REPOBLIKA 2018

FIODINANA VOALOHANY
ALAROBIA 07 NOVAMBRA 2018

FIODINANA FAHAROA
ALAROBIA 19 DESAMBRA 2018

Fifidianana malalaka sy mangarahara:
antoky ny filaminana
sy ny fandrosoana

IREO ANTONTAN-TARATASY ILAINA

(Atao dika anakiroa miampy ny lisitr'ireo taratasy rehetra)

1- Fanambaràna ny filatsahana ho kandidà misy sonia izay voamarin'ny manam-pahefana

2– Kopia lava iray na dikan'ny karapanondro voamarina fa mitovy amin'ny tena izy

3– Taratasy fanamarinana ny zom-pirenena Malagasy izay navoakan'ny tribonaly ambaratonga voalohany latsaky ny enim-bolana

4–Taratasy fitanisan-tsazy laharana faha-3 navoakan'ny fampanoavana

5- Dika mitovy amin'ny karapifidianana na fanamarinana ny fisoratana anarana amin'ny lisipifidianana

6- Ny taratasy fanamarinana nomen'ny manampahefana momba ny hetra izay manamarina fa ny olona voakasik'izany dia nanatanteraka ny adidiny amin'ny hetra sy ny haba isan-karazany tao anatin'ny telo taona farany

7– Fanambarana aneken'ny kandidà fa izy dia nandoa ny hetra sy ny haba rehetra nahakasika azy tao anatin'ny ny telo taona lasa

8– Fanambaran'ny kandidà itanisany ny fananàny rehetra sy ny momba ny vola fivelomany sy karama raisiny

9– Taratasy fanamarinam-ponenana izay manamarina ny fipetrahan'ilay kandidà eto amin'ny tanin'ny Repoblika Madagasikara mandritra ny enim-bolana farafahakeliny mialoha ny andro farany hametrahana ny filatsahan-kofidiana

10- Fanamarinana ny fanendrena ny kandidà avy amin'ny antoko politika miorina ara-dalàna na avy amin'ny vondron'antoko politika , na avy amin'ny olom-boafidy miisa 150.

11– Fanambarana aneken'ny kandidà fa hanaja ny fepetra voalazan'ny Lalàmpanorenana izy

12- Ny tapakila nohamafisin'ny fanamarinana nosoniavin'ny lehiben'ny « Caisse des Dépôts et Consignations » manamarina ny fametrahana ny fandraisana anjara amin'ny vidin'ny fanontampirintin'ny mitentina dimampolo tapitrisa ariary (Ar 50 000 000,00)

13- Ny modely elektronika misy ny endrika mampiavaka ny momba ny kandidà sy ny vatom-pifidianana ary ny famaritana azy ireo izay iandreketan'ny voakasik'izany

14- Dika mitovy amin'ny rosia manamarina ny fametrahana ny fanambaram-pananana

15- Fanambarana fa manaiky ny kandidà hanaja ireo fepetra mifehy ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra, indrindra ireo mifandray amin'ny fangaraharana, ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny kolikoly.

FE-POTOANA ANATERANA NY TARATASIM-PILATSAHAN-KOFIDIANA

Manomboka ny alarobia 1 aogositra 2018 amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny talata 21 aogositra 2018 amin'ny 5 ora hariva.

FOMBAFOMBA FAMETRAHANA NY ANTONTAN-TARATASY FILATSAHAN-KOFIDIANA

Ireo olona afaka mametraka ireo antontan-taratasy dia ny mpisolo tena :

- ny antoko politika na ny vondron'antoko izay manohana ny kandidà
- ny olom-boafidy izay manohana ny kandidà tsy miankina

Fepetra manokana ho an'ny vondron' antoko politika

Farafahatarany andro iray mialoha ny hametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana, ny mpisolo tena voalaza etsy ambony dia manao fampahafantarana ny Lehiben'ny Firaketan-draharaha eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny anarana sy ny titran'ny antoko, ny vondron'antoko politika sy ny lisitry ny antoko mpikambana ao anatin'izany vondrona izany;

POROFON'NY FAMETRAHANA NY TARATASY FILATSAHAN-KOFIDIANA

Rosia manamarina ny fandraisana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana.

POROFO FA NAHAFENO NY FEPETRA NY KANDIDA

Rosia farany manamarina fa nekena ny filatsahan-kofidiana.

Lanjan'ny rosia manaiky ny filatsahan-kofidiana

Fahazoan-dalàna hanao fampielezan-kevitra

Fametraham-pialan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay nilatsaka ho kandidà

Fandavana ny filatsahan-kofidiana

Rehefa tsy feno ny fepetra voalaza etsy ambony dia mamoaka fanapahan-kevitra fandavana ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàmpanorenana.